# 10 NY TAMBERIM-PEO SY NY TAMBERIN-DRAFI-PEHEZANTENY

## LOHAHEVITRA

- Manasongadina ny lafiny kanto ao amin'ny literatiora.

## LESONA HO TADIDINA

- Ireo singa ahafantarana ny lahatsoratra kanto :
  → Ny fisongadinan'ny firindran'ny endrika ivelany (fanehoan-kevitra, ny lalantsaina, ny rafitra, ny sarin-teny,… ) sy ny hevitra fonosiny. Ho an'ny tononkalo ohatra, dia - ny rima - ny ngadona.
  → Ny lalantsain'ny mpanakanto, ny fanehoan-keviny, ny singa amin'ny lafiny haiteny nampiasainy.
- Anisan'ny mahakanto ny lahatsoratra ny fisian'ny sarinteny sy ny endrika ivelany isehoany, izay samy ahitana firindrana amin'ny vontoantin-kevitra fonosiny. Anisan'ny mahakanto ny lahatsoratra iray ny tamberim-peo sy ny tamberin-drafi-pehezanteny, izay samy mora hita sy fantatra ao anatin'ny lahatsoratra kanto iray. Ny tamberina dia fiverenana matetika, ka mahatonga ny sofina ho liana sy ho taitra. Mifono hevitra izany tamberina izany, ka ilana fanakarana avy amin'ny fandinihana ny lahatsoratra iray manontolo mihitsy. Manampy betsaka amin'ny fahazoana ny lahatsoratra ny fahaizana manakatra hevitra avy amin'ireny tamberina ireny satria nataon'ny mpanoratra am-piheverana izy ireny.

*Ohatra 1 :* « tamberim-peo »
Dobodoboka fomban'aponga
Asakasak'izay tsy ho tonga

*Ohatra 2 :* « tamberin-drafi-pehezanteny »
I Dada dia miasa, i Neny dia manasa lamba, i Soa dia mampirin-trano.

## SAHANASA 1

- F : Osy fotsifotsy fito fotsifotsy foto-tsofina.
  1- Tsipiho ny teny mitovy fiandohana ao amin'io fehezanteny io.
  2- Aiza avy no ahitana izay tsikaritrao ho manaitra ao ?

- F2 : « Taranantsika ihany no tsaboina eto.
  Mararintsika ihany no tsaboina eto. »
  1- Lazao izay tsikaritrao ao amin'ireo fehezanteny ireo.
  2- Saraho amin'ny tsipika mihorirana ny teny tsirairay ao .
  3- Inona no fahalalana vaovao azonao tamin'ny fandinihana ireo fehezanteny ireo ?

## SAHANASA 2

Indreto misy fehezanteny roa ka lazao ny anaran'ny tamberina hita ao.

F1 : Raha miara-mientana isika dia ho foana ny valan'aretina. Raha miara-miasa isika dia ho tratra ny tanjona.
F2 : Miezaka mafy manao izay hahafoana ny valan'aretina ny mpitondra

## SAHANASA 3

1- Ampifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ny fehezanteny sy ny tamberina ao aminy.

| | |
|---|---|
| F1 : Mahalala, mahay, mahavita no teny filamatra ao amin'ny sekolinay. | • Tamberin-drafi-pehezanteny |
| F2 :Raha miara-mientana isika dia ho foana ny valan'aretina. Raha miara-miasa isika dia ho tratra ny tanjona. | • Tamberin-drenifeo tokana |

2- Lazao ny tamberina ato amin'ireto fehezanteny ireto:

F1 :Fiainana feno fiadanana no irinay.
F2 :Izay tia fahadiovana no salama. Izay olona salama no mandroso.
F3 :Niezaka nihazakazaka nanatratra ilay namany izy.